# SOMBIN-TANTARA

## 1. Famaritana:

Tantara fohy nefa feno mamerina ny ampaham-piainan'olona tena nisy na noforonin'ny saina fotsiny izay anasongadinana toe-javatra manokana tiana hampitaina ny sombin-tantara: mahaliana na azo tohizana ao an-tsaina na dia efa tapitra aza.

## 2. Ny firafitry ny sombin-tantara:

Ireto avy ny mandrafitra ny sombin-tantara:

- Ny fanombohana ny tantara
- Ny vontoatin'ny tantara:

Tsy maintsy misy singa telo ny toe-javatra tantaraiana tarafina amin'ny mpandray anjara fototra:

- Toe-javatra iaingana :

- Toe-javatra mpanova na singa mpanova
- Toe-javatra iafarana

➢ Ny famaranana

## 3. Ny mpandray anjara:

- Mpandray anjara fototra (ifantohan'ny zavatra tantaraina)
- Mpandray anjara mpanampy (mampivoatra ny tantara)
- Ravaka ( mpandray anjara mandravaka ny tantara fotsiny)

## 4. Ny vontoatiny:

Ny vontoatiny ny sombin-tantara dia lesona na fananarana ampitaina amin'ny alalan'ny tantara. Tsy mahagaga araka izany, raha ny olam-piainana miseho eo amin'ny mpandray anjara fototra na vonan-tantara mateti-pitranga amin'ny fiarahamonina no zary toe-zavatra tantaraina.

## 5. Ny antony ilana ny sombin-tantara

### a. Fanabeazana

Fanabeazana izy satria azo isintomana lesona na fananarana.

### b. Fialam-boly

Fialam-boly izy satria mahasondriana ny mpamaky azy; mampihomehy indraindray ary manala sorisory.

Oh: Ny fihetsika nifadiso nataon'ny Rainibedaoro sy Rasinoro ao amin'ilay sombin-tantara mitondra ny lohateny hoe "*Midongy angaha isekely*" izay nosoratan-dRAMANGAMALEFAKA

### d. Fampivoarana

Mampivoatra ny sombin-tantara satria ahitana ireo lesoka maro samy hafa eo

fiarahamonina izay tsy tokony hatao intsony ho fananarana sy lesona amin'ny fiainana andavanandro koa izy.

-

## 6. Ny maha zava-kanto azy

Zava-kanto tokoa ny sombin-tantara satria:

- Misy famoronan'ny saina hahafinaritra ny mpamaky

- Mitondra ny mpamaky hahazo sary an-tsaina ho toy ny nahita maso ny zavatra tantaraina

- Hain'ny mpanoratra koa ny mifantina ny voambolana sy ny rafi-pehezanteny ampiasaina sy ny maneho ny fihetsika ataon'ny mpandray anjara amin'ny alalan'ny fahaizany mitantara, hisarihana sy hifantohan'ny sain'ny mpamaky.